“Afaingano amin'ny asa soa ny fitsapana tahaka ny ampahan’ny alina maizina

Tatitra azo avy tamin'i Abo Horaira (R.A), niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : “Afaingano amin'ny asa soa ny fitsapana tahaka ny ampahan’ny alina maizina. Ho mpino ny olona amin’ny maraina ka hivadika tsy mpino kosa amin'ny hariva, na ho mpino izy amin’ny hariva nefa lasa tsy mpino koa amin'ny maraina, mivarotra ny finoany amin’ny fahafinaretana eto an-tany".

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Mamporisika ny mpino i Mpaminany (S.A.W) mba hanafaingana sy hanao asa soa maro alohan'ny hahatongavan'izany, ary tsy ho variana amin'ny fahatongavan'ny fitsapana sy ny fakam-panahy izay manakana sy mandrara azy ireo tsy ho azony, izany dia toy ny alina maizimbolana, ka mifangaro ny fahamarinana amin’ny lainga, ary sarotra amin’ny olona ny manavaka azy, ary noho ny hamafin’izany dia very hevitra ny olona iray ka hahatonga ny olona ho mpino amin'ny maraina nefa mivadika tsy mpino amin'ny hariva, na ny hariva izy dia mpino fa amin'ny maraina kosa dia lasa tsy mpino, satria nanambela ny finoany amin’ny fahafinaretana sendra mandalo eto an-tany.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/3138